

28 mey 2010.  
14 Sivan 5770.

## Ny finoana sy ny asa.

*"Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy. "* (Hebreo 11:6)

Maro amin'ny tontolo kristianina no milaza fa ny fananana finoana ihany no zavatra ilaina hahazoana famonjena fa ny asa dia tsinontsinona, ny zava-dehibe tokana dia ny finoana. Kanefa ny tenin'Andriamanitra dia milaza amintsika fa ny finoana tsy misy asa dia maty. Betsaka ny mitsipaka ny hitandrina ny didin'Andriamanitra ka manome lanja ny finoana. Kanefa mila fototra hijoroany ny finoana.

Ny teny fiasàn'Andriamanitra rehetra dia misy fepetra avokoa. Raha manao ny sitra-pony isika, raha mandeha amin'ny fahamarinana dia afaka mangataka izay tiantsika isika ka dia homena antsika izany. Raha miezaka amin'ny hafanam-po hankatò Azy isika dia henoin'Andriamanitra ny fangatahan-tsika fa tsy hitahy antsika kosa Izy raha tsy mankatò isika. Raha misafidy hitandrina ny baikony isika dia afa miteny hoe: *" Ny finoana, ny finoana , aoka hanam-pinoana fotsiny"* ary dia ho avy ny valiny avy ao amin'ny tenin'Andriamanitra azo antoka manao hoe: *"Foana ny finoana tsy arahin'asa"* (Jakoba 2:20). Ny finoana toy izany dia tahaka ny varahina izay mikarantsana na aponga izay manakoako fotsiny. Raha tiantsika ny hahazo ny tombotsoan'ny fahasoavan'Andriamanitra dia tokony hiasa ampahatokiana sy hamokatra voa mendriky ny fibebahana isika. Mpiara-miasa amin'Andriamanitra isika ka tsy hipetra-potsiny amim-pahakamoana hiandry fahafaha-manao lehibe iray, mba hanao asa goavana ho an'ny Mpampianatra. Ny andraikitra eo amin'ny làlana handehanana dia tsy tokony atao tsirambina kanefa ny zava-madinika miseho eo anoloan-tsika koa dia tokony hararaotina .

Mitoloma, miasà, miezaha. Tokony hanao izay azo atao isika hiady ny ady tsaran'ny finoana. Tokony hitolona isika, hiasa, hahery, hiaritra mba hidirana ao amin'ny vavahady ety. Tokony hataontsika eo alohan-tsika mandrakariva ny Tompo ka miezaka manome voninahitra Azy amin'ny asa ataontsika sy amin'ny fo madio.eny amin'ny alehan-tsika rehetra eny. Misy fanampiana nomena antsika ao amin'ilay manana ny hery tsitoha mba hamonjena antsika. Hamelombelona sy hanavao antsika ny Fanahin'ny Fahamarinana sy Fahazavàna amin'ny alalan'ny asany mahagaga; satria tsy avy amintsika manokana fa avy amin'Andriamanitra ny fandrosoana ara-panahy rehetra azon-tsika. Ny mpiasa tenaizy dia hahazo ny fanampian'ny lanitra fa ny kamo kosa dia tsy hotohanana ny Fanahin'Andriamanitra.

Amin'ny lafiny iray dia navela irery amin'ny herintsika manokana isika, miady mafy mba hafana fo ary hibebaka; hanadio ny tanan-tsika sy ny fon-tsika ho afaka amin'ny fahalotoana rehetra; mba hahatratra ny tanjona ambony indrindra ary amin'izany dia manantena fa Andriamanitra dia hanampy amin'ny ezaka hataontsika. Raha te hahita isika dia tokony hitady ary hitady amim-pinoana; ary tokony hiantso isika mba hisokafan'ny vavahady eo anoloan-tsika. Ampianarin'ny Baiboly fa ny zavatra rehetra mahakasika ny famonjena antsika dia miankina amin'ny asa ataontsika. Raha lasa any amin'ny fahaverezana isika dia tompon'andraikitra tanteraka ny amin'izany. Raha nisy tahiry sy fanekena ny fijerin'Andriamanitra ao amin-tsika dia azontsika atao ny maka ho antsika ny fiainana mandrakizay. Tokony hihazakazaka eo amin'i Kristy amim-pinoana isika. Tokony ho mailo isika mba hahazo antoka ny fiantsoana sy ny fanendrena antsika .

Nampanantenaina ho an'ireo izay mibebaka sy mino ny famelàna ny fahotàna; ny satroboninahitry ny fiainana no ho valisoa ho an'izay mahatoky hatramin'ny farany. Azon-tsika atao ny manana fahatokiana noho ny fahasoavana ka mandroso tsikelikely ho amin'izany fahasoavana izay efa ao amin-tsika izany. Tokony hiataka tsy ho voapentipentin'ny fahalotoana eto amin'izao tontolo izao isika raha te ho hita tsy hanantsiny eo amin'ny andron'Andriamanitra. Mandeha miaraka ny finoana sy ny asa; miara-miasa izy roroa mba hanatratra ny tanjona dia ny fandresena. Ny asa tsy arahim-pinoana dia maty; ny finoana tsy arahin'asa dia maty . Tsy afaka hamonjy antsika velively ny asa natao; ny fahamendrehan'i Kristy no isaina ho antsika. Ny fihezahana tsy tanteraka rehetra vitan-tsika dia hataon'i Kristy ho ekena eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana Azy. Ny finoana takiana amin-tsika dia tsy finoana izay tsy manao n'inon'inona; ny finoana mahavonjy dia izay miasa amim-pitiavana ka manadio ny fanahy. Ireo izay manandratra tanana madio ho any amin'Andriamanitra, tsy amim-pahatezerana na fahatahorana dia miroso ampahendrena eo amin'ny làlan'ny fitsipik'Andriamanitra.

Raha tian-tsika ny hahazo famelan-keloka dia tokony ho tsapan-tsika ny atao hoe fahotàna mba ahafahan-tsika mibebaka sy mamoa vokatra mendrika ny fibebahana. Tokony ho mafy orina ny fototry ny finoan-tsika; tokony hifototra eo amin'ny Tenin'Andriamanitra izany ka ny vokany dia miseho amin'ny fitandremana ny sitrapo voalazan'Andriamanitra.Hoy ny Apostoly :*"fa izay. tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo."* (Hebreo 14: 12)

Mampitoetra tsara antsika ny finoana sy ny asa miaraka, ka mitondra fahombiazana eo amin'ny asa fanatanterahana ny toetra amam-panahy kristianina. Hoy Jesosy: *"Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra. "* (Matio 7: 21) . Hoy ny apostoly momba ny sakafo ara-nofo:Fa fony mbola teo aminareo ihany aza izahay, dia nandidy anareo hoe: *"Raha misy tsy mety miasa, dia aoka tsy hihinana izy. "* (2 Tes. 3:10) Mitovy amin'izany koa no fitsipika mihatra eo amin'ny sakafo ara-panahy:raha misy te hahazo ny mofon'ny fiainana mandrakizay, dia tokony hiezaka izy hahazoana izany.

Miaina amin'ny fotoana mahavariana sy mampieritreritra amin'ny tantaran'ny tany isika izao. Mila finoana mihoatra noho izay efa nanan-tsika hatrizay isika ka mila tohana matanjaka avy any ambony. Miasa amin'ny heriny rehetra Satàna mba hahazoany fandresena eo amin-tsika satria fantany fa fohy dia fohy ny fotoana sisa ananany hiasàna. Niasa tamin-tahotra sy hovitra Paoly ho an'ny famonjena azy. Koa isika ve no tsy hangovitry? Aoka ary hatahotra raha mbola misy ihany fanantenana hidirana ao amin'ny fitsaharany, koa tsy hisy na dia iray aza ho diso fidirana. Tokony hiambina sy hivavaka ka hitolona miaraka amin'ny fitarainana be isika mba hotafiditra amin'ny vavahady ety.

Ellen G. White Signs Of The Times, le 16 juin 1890

